“Ny mpitaingina miarahaba ny mpandeha tongotra, ny mpandeha tongotra miarahaba ny mipetraka, ary ny vitsy miarahaba ny maro”

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ṣ.A.W) manao hoe : “Ny mpitaingina miarahaba ny mpandeha tongotra, ny mpandeha tongotra miarahaba ny mipetraka, ary ny vitsy miarahaba ny maro”. Amin'ny hadith-n'i Bokhari : "Ny ankizy miarahaba ny olon-dehibe, ny mpandalo miarahaba ny mipetraka, ary ny vitsy miarahaba ny maro".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanome toromarika momba ny fahalalam-pomba amin'ny fifampiarahabana eo amin'ny samy olombelona ny Mpaminany (S.A.W) nilaza manao hoe : “Assalam Alaikom Wa rahmatollahi Wa barakatoh, izay midika hoe : Ho aminareo anie ny fiadanana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'i Allah”. ka ny ankizy miarahaba ny lehibe, ny mitaingina miarahaba ny mpandeha tongotra, ny mandeha miarahaba ny mipetraka, ary ny vitsy anisa miarahaba ny maro.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/4243